# Ilay Voa Tsara Nafafy 26 Oktobra 2018

# 26 Zoma oktobra

**Koa mibebaha ianareo, ka miverena hamonoana ny fahotanareo.** Asan'ny Apostoly 3. 19

**Ny fahamoram-panahin'Andriamanitra dia mitaona anao hibebaka.** Romana 2. 4

## Ny Baiboly sy ny voambolany : ny fibebahana

Esorina tsikelikely ao amin'ny fomba fiteny ara-pana ankehitriny io teny hoe „fibebahana" io. Manana toerana lehibe ao amin'ny Baiboly anefa izy io, satria tsy maintsy mibebaka ny olona rehetra. Tsy misy lalana hafa ankoatra izany, ahafahana mifandray amin'Aa. Ny Filazantsara notorin'ny apostoly Paoly dia mifototra amin'ireto zavatra roa loha ireto : „Ny fibebahana amin'Andriamanitra sy ny finoana an'i Jesosy Kristy Tompontsika" (Asan'ny Apostoly 20. 21).

Ny fibebahana dia asan'Andriamanitra ao amin'ny fanahin'ny olona. Tsy fiovam-pitondrantena tsotra ety ivelany fotsiny. Ny tena fibebahana dia manomboka rehefa miaiky aho fa miaina ao anaty korontana ara-pitondrantena. Izany dia fifohazan'ny fieritreretana mitodika amin'Andriamanitra. Ny olona mibebaka dia manameloka an-kitsimpo ny ratsy nataony. Tsy voatery ho fahotana lehibe tena mandoza tsy akory izany, fa mety ho fiainana ankapobeny tsy nanomezana toerana an'Andriamanitra. Ny fibebahana dia miseho amin'ny fiekena amin'Any toetra ara-panahy anananana, satria Izy no nohamavointsika (Salamo 51. 4).

Tsikaritra koa ao amin'ny fibebahana ny fisiana taratra mitondra fanantenanana, fisiana fangatahana ny famindrampon' Andriamanitra sy fahatsapana hoe „ny fahamoram-panahin' Andriamanitra dia mitaona ... hibebaka". Tsy ny hanameloka ny mpanota tsy akory no tadiavin'Andriamanitra. Mifanohitra amin'izany, fa afaka mamindra fo aminy sy mamela ny helony Izy, satria Jesosy Kristy efa nitondra teo amin'ny hazofijaliana ny fanamelohana rehetra sahaza ny toetrantsika eo imason'Aa

Ny fibebahana dia miteraka fiovana tanteraka eo amin'ny fitondrantenan'ny mpino ; io no antsoina hoe fiovam-po. Rehefa miova fo dia mahatsapa fifaliana anaty, satria mirindra ny fifandraisana amin'Andriamanitra, ary manan-jara amin'ny fifalian'ny lanitra mihitsy aza (Lioka 15. 7).